# Manorina miaraka : làlan'ny fiombonana sy ny hafaliana

**Masera  Mirella Riquelme (Chili)**



Eo am-panarahana ny làlana nosoritan'i Kristy, mandeha amina toerana lavitra ato amin'ny Paroasinay aho : Notre Dame du Mont Carmel. Miaina amin'ny tontolony avy ny olona ka tsy mifandray.



Rehefa mamangy ireo fianakaviana ireo aho dia maka fotoana miresaka sy manasa azy hivavaka araka ny fahavononany.
Manome fotoana tsikelikely hizarany ny hafaliana sy ny alahelo ny olona. Ary manomboka manorina zavatra miaraka aza, manatsara ny fiainan'ny tanànany. Izany no andrafetana fifandraisana araka ny maha-olona sy am-pirahalahiana amin'ny fanilovan'ny Vaovao Mahafaly.

**Masera Maria Elena Vega (Chili)**



Nirahina voalohany hanatontosa iraka tany Chiloe niaraka tamin'ny fikambanan'ny Fransiskanina niaraka tamina lahika vitsivitsy aho tamin'ny fotoam-pahavaratra teo. Andram-piainana voalohany ho ahy ny niaina niaraka tamin'ny fianakaviana nandray ahy nandritra ny fito ambin'ny folo andro. Tso-piainana izy ireo ary tena faly nandray ahy. Isan'andro avy eo amin'io toerana io miaraka amina misiônera iray aho mamangy ireo fianakaviana kristianina.



Tena mahay mandray ny olona ary liana amin'ny fizarana izay ananany ao an-trano izy ireo, ohatra ny  mate (dite) sy sakafo miavosa, mampiavaka io toerana io.
Tena nahaliana ny nihaino izay iainanay isan'andro am-pitokisana ny fiainam-pianakaviana sy ny asa.
Tsapako fa manana saina sy fo madio izy ireo. Fijoroana ho vavolombelona ho ahy izany. Manatontosa iraka miaraka main'ny hafa dia fmantarana ny fiombonana ho an'ny Fiangonana sy ny fikambanantsika.

